

MINISTERAN'NY FAMPANARANA TEKNIKA

# Mampiahaiky ny lisitra ho mpiasam-panjakana navoakany hoy ny Sempama

Tsy mazava hoy ny mpikambana ao amin'ny Kaofedersionina Sempama ny fepetra, sy fomba nandrafetana ny lisitry ny mpiasam-panjakana nataon'ny tompon'andraikitra eo anivon'ny Ministeran'ny Fampianarana teknika, sy ny fanofanana arak'asa, raha ny tranokalan'ny Ministera, izay nivoaka ny 15 mey 2021 lasa teo no jerena. Nilaza Ramatoa Ranivoarisoa Bodo, sekretera Jeneralin'ny Sempama, fa tsy misy famaritana (Fiche technique) mikasika an'ireo olona ao anatin'ny lisitra, izany hoe tsy voasoritra mavaza hoe: aiza ny ivon-toeram-piofanana sy ny faharetan'ny taona



niasan'ilay olona ary ny andraikitra izay efa noraisin'ity farany? Nandohy fanazavana ity Sekretera Jeneralin'ny Sempama ity, fa mitaky ny famoahana "Terme de reference de recrutement" izay mahafeno ny mason-tsvana ho mpiasam-panjakana ny Sempama ary mitaky ny "Fiche technique" ho

an'ireo olona voaray ho mpiasam-panjakana mba hahafantarana ny mombamomba azy. Nandohy fanazavana izy, fa petatoko ny lisitra izay narafitry ny Ministeran'ny Fampianarana teknika, satria misy anaran'olona efa nindaosin'ny fahafatesana sy anaran'ireo olona efa mpiasam-panjakana

manana "IM", no mbola hita ao anatin'ny lisitra. Nilaza ity Sekretera Jeneralin'ny Sempama ity, fa arakaraky ny isan'ny ECD sy ny "Vacataire" no hamaohana ny "Poste budgétaire", izay volavolaina mandritra ny "Conférence budgétaire" miaraka amin'ny Ministeran'ny vola sy ny teti-bolam-panjakana noho izany, mitaky ny mba hampidirana an'ireo ECD sy ny "Vacataire" am-perin'asa ho mpiasam-panjakana ny Sempama. Ankoatra izany mitaky ny famoahana ny lisitry ireo voaray mpiasam-panjakana miaraka amin'ny "Quotat" eny anivon'ny Cisco tsirairay ny Sempama.

**Franck Razakambelo**

Adina ara-panatanjahantena BEPC

## Kitoatoa ny hanaovana ho am-bava ny amin'ity 2021 ity

Re fa hatao adina ambava indray ny taranja ara-panatanjahantena EPS BEPC amin'ity 2021 ity, noho ny fepetra tsy maintsy noraisina ao anatin'ny fahamehana arapahasalamana. Raha tsia-hivina toamin'ny taon-dasa dia nofanana ny EPS BAC na dia adina tsy maintsy atao (epreuve obligatoire) aza izany ho an'ny rehetra, raha ny fepetra teo am-pisoratana hanao bac no jerena. Dia najanona avokoa tamin'izany na ny adina teny ankianja na ny adina ambava tamin'ny bac. Amin'ity indray mitoraka ity anefa, na dia voalaza aza fa adina tsy an-tery fa azo isafidianana (matière facultative) ny adina ara-panatanjahantena EPS BEPC dia re fa havadika ho am-bava daholo indray izany amin'ity, araka ny teny midina avy amin'ny minisiteran'ny fanabea-

zana. Dia gaga sy talanjona ny maro ao amin'ny sehatry ny fanabeazana mandre izany fanapahan-kevitra kitoatoa izany, roa volana eo ho eo alohan'ny fanadinana BEPC. Marina fa efa miverina an-tsekoly ny mpianatra hanala fanadinam-panjakana toy ny CEPE, BEPC, BAC saingy na izany aza dia sahirana ny sekoly amin'ny fanajana ireo fepetra arapahasalamana, toy ny fanajana ny iray metatra, mpianatra iray amin'ny dabilio iray sns ... Voatery zaraina ho efitra roa ny mpianatra. Noho ireny dia mihena ny ora ianaran'ny mpianatra ao anatin'ny herinandro amin'ny ankamaroan'ny sekoly, satria ny mpianatra iray tsy afaka hanenjika kilasy roa miaraka. Ny programa anefa efa tena enjehina mafy noho ny fahateran'ny fo-

toana. Dia asa indray izay mbola hampidirana ny fampianarana EPS ao anaty fandaharam-potoana amin'izany. Na koa hisy indray ve ny fanontana boky kitoatoa havoaka haingana hianaran'ny mpianatra an'izany? Manam-bola ho amin'izany ve ny minisiteran'ny fanabeazana, ka maninona raha hatao amin'ny zavatra hafa, indrindra indrindra, fanampiana ho an'ny mpampianatry ny sekoly tsy miankina izay zary toa atao ankilabao hatrany amin'izao fahatapahana matetika eo amin'ny sehatry ny fampianarana izao, ka tsy mbola nisitraka izay tohana na fanampiana avy amin'ny fanjakana na dia kely akory aza hatreto? Ny mpianatra ihany koa, efa tsy feno ny zavatra omena azy amin'izao fihibohana izao, mbola ampiana indray ny lesona

ianarany? Ny nifidy ny adina atao eny an-kianja dia tsy ho faly mihitsy ny ankamaroany raha lasa adina am-bava indray no atao aminy. Sa misy antokona mpampianatra manery mafy ny minisitera hampanao io adina ambava EPS BEPC io, satria ao no tena fihinanany? Ary raha tsy mipoitra ve ny mpianatra amin'ny fotoanan'ny adina am-bava EPS BEPC, satria adina an-kianja no niomanany, dia hahazo Zéro ary tsy ho afaka avy hatrany, raha raisina fa note elimatoire na tsy mahafaka avy hatrany ny fisian'ny Zéro amin'ny naotin'ny mpianatra? Tena mila fanazavana matotra avy amin'ny tompon'andraikitra izany fa tsy faly hamaoka didy fotsiny izy ireo, satria mila mahafantatra mazava ny fitsipika ihany koa ny mpianatra.

**Ny Valosoa**

Fiainam-piarahamonina

## Mbola maro ny zaza Malagasy miaina anaty fijaliana

Tsy mbola milamina ny zaza malagasy eo anivom-piarahamonina. Mandraka ankehitriny, dia mbola hahenoina hatrany zaza anaovana antso ombay mitady na hiaran'ny herisetra, ny zaza marobe mangataka etsy sy eroa eny an-dalambe rehetra eny, na matory eny ankalamanjana eny toy ny hita eto an-drenivohitra. Maro ny zaza no tsy miditra any an-tsekoly noho ny fahasaharan'ny ray aman-dreniny vokatry ny zava-misy eto amin'ny firenena. Maro ireo zaza zara raha mihinana, misy aza tsy mihinana fa matin'ny hanoanana

toy ny zaza any atsimon'ny Nosy, eny na ety an-drenivohitra aza ahitana izany; misy ireo mitafy fitafiana mendrika, ary tsy voaara-maso akaiky arapahasalamana, sns... Raha aravona, ratsy aro ny zon'ny zaza Malagasy hatramin'izao. Anisan'ny tranga nampihorinkoditra ny olom-pirenena ny nandre azy, ny fivarotan-jaza nataon'ny reniny andro vao tsy ela izay. Namidy tamin'ny vola aman'aly vitsy monja. Tsy toe-tsain'ny Malagasy tany aloha izany indrindra raha mbola reny, satria sarobidy aminy ny zanaka. Mitranga

anefa izany ankehitriny noho ny fiainana tsy zakan'ilay reny intsony, ka miroso manao ny tsy fanao intsony. Lafiny sosialy iray miseho eo anivom-piarahamonina tsy ahitan'ny fitondrana vahaolana ny misoroka azy. Toa tsy mampiraika ny fitondrana ireny toe-javatra miàla tanteraka amin'ny toetsaina maha Malagasy sy soa-toavina ireny. Tsy ho ela dia ho avy ny volana Jona, izay hanamarihana indray ny iray volan'ny ankizy. Dia hiseho eo indray ireo fikambanana miseho miaro ny zon'ny zaza. Miendrika fitadia-

vana tombontsoa fotsiny anefa ny fahitana ireny hetsika hataon'izy ireo ireny, fa tsy mahavita mamaha ny olan'ny zaza Malagasy akory hatreto. Porofon'izany ny mbola fisian'ny fijaliana manjo ireo zaza marobe eto amin'ny firenena, ary tsy manan-kantenaina sy tsy misy mangirana amin'izay ho aviny tsara sy mendrika akory. Mbola sarotra sy tsy misy mangirana ny hahitan'ny zaza Malagasy, indrindra ny zanak'ireo saram-babem-bahoaka, fiainana mamiratra mendrika ho azy eto amin'ity firenena ity.


**Radafy**

Benonoka Midongy Atsimo

## 23 namoy ny ainy noho ny fanafihan-dahalo 150 mahery

Nisehoana fanafihan-dahalo mitam-piadiana ny faran'ny herinandro teo tany Benonoka, kaominina Ivondro any amin'ny distrikan'i Midongy Atsimo, faritra Atsimo Atsinanana. Vokany, olona 23 no namoy ny ainy tamin'izany, ka ny 2 mpitandro filaminana, ny 21 kosa fokonolona mpanara-dia. Omby miisa 300 mahery no lasan'ireo malaso tamin'izany. Mbola miady hatramin'izao manara-dia ny any an-toerana. Tanàna miisa 3 tamin'ny nolalovany koa, no nodoran'ireo dahalo tany amin'ity kaominina Ivondro ity. Mitohy ny fanarahana-dia ataon'ireo tompon'ombay, sy ny fokonolona miaraka amin'ny miamaramila sy zandary avy amin'ny fari-piadihana any amin'ny faritra Atsimo Atsinanana iny.

**Niaina**



Alabe toy izao no andosiran'ireo dahalo mpangalatra omby any Midongy Atsimo.

Distrikan'Anjozorobe

## Nisehoana fanafihana niharo fakana an-keriny indray

Nisehoana fanafihana niharo fakana an-keriny indray tany amin'ny distrikan'Anjozorobe ny faran'ny herinandro teo. Fianakaviana iray monina ao amin'ny fokon-tany Ambohiamory distrikan'Anjozorobe, làlana adiny roa miala eo an'Anjozorobe, no nisy nanafika ny sabotsy teo tokony ho tamin'ny 07 ora hariva teo. Raha ny fanazavana nomen'ny renim-pianakaviana niharam-boina dia dahalo maromaro nitam-basy no nanafika azy ireo, ny sasany avy hatrany dia namaky ny varavarankely, ny hafa kosa namoaka ny omby tao ambala. Ankizivavy no notadiavin'ireto dahalo, hoy hatrany ny fanazavana saingy tsy nahita izy ireo, ka novakiany sy nopotehiny ny entana tao an-trano. Nentin'izy ireo nanaraka azy avy eo ny zaza mianadahy, tafatsoaka kosa ireto farany rehefa lasa lavidavitra. Lasan'ireo dahalo ny omby miisa 08 tao am-bala, ary mbola any am-panarahana azy ireo ny fokonolona any an-toerana amin'izao fotoana. Ity tokantrano ity izay marihina, fa vao avy nisedra fanafihan-dahalo ihany koa ny taona 2019. Tsy nisy ny naratra sy ny aina nafoy, fa ny entana no nahitana fahasimbana ary ny omby no lasany. Avotra soa aman-tsara koa izy mianadahy saika ataon'izy ireo takalon'aina. Manao antso avo amin'ny tompon'andraikitra ny any an-toerana, ny mba hijerena akaiky ity resaka fakana an-keriny ity.

**Stefa**



Tanàna any amin'ny distrikan'Anjozorobe, anisan'ny anjakan'ny asan-dahalo.